OFFICE MALAGASY D'ETUDES
ET DE REGULATION DES TELECOMMUNICATIONS
(OMERT)

DECISION N°06/03 -OMERT/DG

portant refus de renouvellement de la licence octroyée à la Sosaiety Misahana Varotra sy Indostria (SMVI) pour l'exploitation d'un service Pointel WLL

L'Office Malagasy d'Etudes et de Régulation des Télécommunications,

- Vu la Constitution,
- Vu la Loi n°2005-023 du 17 octobre 2005 portant refonte de la loi n°96-034 du 27 janvier 1997 portant réforme institutionnelle du secteur des Télécommunications,
- Vu le décret n°97-1077 du 28 août 1997 instituant l'Office Malagasy d'Etudes et de Régulation des Télécommunications,
- Vu le décret n°97-1155 du 19 septembre 1997 modifié par les décrets n°2004-559 du 25 mai 2004, n°2004-561 du 25 mai 2004, portant réglementation des réseaux et services des télécommunications,
- Vu le décret n°99-227 du 24 mars 1999 modifié par le décret n°2004-568 du 1er juin 2004, définissant les procédures et mesures à appliquer par l'OMERT pour la réglementation du secteur des télécommunications dans le cadre de la loi n°96-034,
- Vu le décret n°99-228 du 24 mars 1999 modifié par le décret n°2005-236 du 10 mai 2005, portant réglementation et gestion des fréquences et des bandes de fréquences radioélectriques,
- Vu le décret n°2001-1011 du 6 novembre 2001 portant nomination du Directeur Général de l'OMERT,
- Vu l'Arrêté n°8235/96 du 8 novembre 1996, portant octroi à la Sosaiety Misahana Varotra sy Indostria (SMVI) d'une licence pour l'exploitation de service Pointel-WLL,
- Vu le Cahier des charges de la Sosaiety Misahana Varotra sy Indostria (SMVI) signé le 5 novembre 1996,
- Vu la lettre n°75/06 du 5 septembre 2006 demandant le renouvellement de la licence Pointel-WLL au nom de la Sosaiety Misahana Varotra sy Indostria (SMVI),

DECIDE :

Article Premier.- Constate le non-respect par la Sosaiety Misahana Varotra sy Indostria (SMVI) du délai pour le dépôt de la demande de renouvellement de la licence prescrit par les dispositions de l'article 12 alinéa 1 de la loi n°2005-023 du 17 octobre 2005 ainsi que de celui prévu par l'article 2 du Cahier des charges signé le 5 novembre 1996.

Article 2.- Constate qu'aucune exploitation de la licence octroyée à la Sosaiety Misahana Varotra sy Indostria (SMVI) n'a été effectuée par cette dernière, depuis le rétablissement de celle-ci par l'Arrêt n°7 du 18 février 2004 rendu par la Chambre administrative de la Cour Suprême jusqu'à la date de la présente décision.

Article 3.- La demande de renouvellement de la licence d'exploitation du service Pointel-WLL octroyée à la Sosaiety Misahana Varotra sy Indostria (SMVI) par l'Arrêté n°8235/96 du 8 novembre 1996 est rejetée. La licence d'exploitation visée ci-dessus n'est pas renouvelée.

Article 4.- La présente décision prend effet à l'expiration de la licence le 8 novembre 2006. Elle sera notifiée à la Sosaiety Misahana Varotra sy Indostria (SMVI).

Article 5. - Le Directeur des Réseaux et Services de l'OMERT est chargé de l'exécution de la présente Décision qui sera publiée au Journal officiel de la République.

Antananarivo, le 02 NOV. 2006

Le Directeur Général

OFFICE MALAGASY D'ETUDES ET DE REGULATION DES TELECOMMUNICATIONS
OMERT

ANDRIANIRINA RAJAONASY Gilbert

envoyé le 29/08/06 au primature

OFFICE MALAGASY D'ETUDES ET DE REGULATION DES TELECOMMUNICATIONS (OMERT)

Fanapahana laharana faha 06/03 – OMERT/DG
manisy fandàvana ny fanavaozana ny fahazoan-dàlana nomena ny Sosaiety Misahana Varotra sy Indostria (SMVI) mba hitrandraka atrik'asa Pointel WLL

Ny Office Malagasy d'Études et de Régulation des Télécommunications,

- Araka ny lalàm-panorenana ,
- Araka ny lalàna laharana faha 2005-023 tamin'ny 17 oktobra 2005 hanitsiana ny làlana laharana faha 96-034 tamin'ny 27 Janoary 1997 anavaozana ny drafi-pitondrana ny sehatr'asa momba ny fifandraisandavitra ,
- Araka ny didim-panjakana laharana faha 97-1077 tamin'ny 28 aogositra 1997 manangana ny Office Malagasy d'Études et de Régulation des Télécommunications,
- Araka ny didim-panjakana laharana faha 97-1155 tamin'ny 19 Septambra 1997 novàn'ny didim-panjakana laharana faha 2004-559 tamin'ny 25 mai 2004, ny didim-panjakana laharana faha 2004-561 tamin'ny 25 mai 2004, manisy fitsipika ny tambajotra sy ny atrik'asan' ny fifandraisandavitra ,
- Araka ny didim-panjakana laharana faha 99-227 tamin'ny 24 marsa 1999 novàn'ny didim-panjakana laharana faha 2004-568 tamin'ny 1 jona 2004, manoritra ny fombafomba sy fepetra ampiharin'ny OMERT amin'ny fitsipika mifehy ny sehatry ny fifandraisandavitra araka ny lalàna laharana faha 96-034 ,
- Araka ny didim-panjakana laharana faha 99-228 tamin'ny 24 marsa 1999, novàn'ny didim-panjakana laharana faha 2005-236 tamin'ny 10 mai 2005, manoritra ny fitsipika sy fitantanana ny onjam-peo sy ny lasitr'onjam-peo radioelektrika ,
- Araka ny didim-panjakana laharana faha 2001-1011 tamin'ny 06 novambra 2001 manoritra ny fanendrena ny Tale Jeneralin'ny OMERT ,
- Araka ny didim-pitondrana laharana faha 8235/96 tamin'ny 8 novambra 1996, hanomezana fahazoan-dalana ny Sosaiety Misahana Varotra sy Indostria (SMVI) mba hitrandraka ny atrik'asa Pointel-WLL,
- Araka ny Bokin'andraikitry ny Sosaiety Misahana Varotra sy Indostria (SMVI) nosoniavina tamin'ny 5 novambra 1996,
- Araka ny taratasy laharana faha 75/06 tamin'ny 5 septambra 2006 mangataka ny fanavaozana ny fahazoan-dàlana Pointel-WL amin'ny anaran'ny Sosaiety Misahana Varotra sy Indostria (SMVI)

DIA MANAPAKA FA :

Andininy voalohany: - Hita fototra ny tsy fanajan'ny Sosaiety Misahana Varotra sy Indostria (SMVI) ny fe-potoana amin'ny fametrahana fangatahana fanavaozana fahazoan-dalana tondroin'ny fepetran'ny andininy faha 12 zanaka andininy 1n'ny làlana laharana faha 2005-023 tamin'ny 17 oktobra 2005 ary koa izay hita ao amin'ny andininy faha 2n'ny Bokin'andraikitra nosoniavina tamin'ny 5 novambra 1996.

Andininy 2: - Hita fototra fa tsy nisy mihitsy ny fitrandrahana nataon'ny Sosaiety Misahana Varotra sy Indostria (SMVI) ny fahazoan-dàlana nomena ity farany, nanomboka tamin'ny namerenana azy araka ny didy laharana faha 07 tamin'ny 18 febroary 2004 navoakan'ny Fitsarana misahana ny ady atao amin'ny fanjakana ao amin'ny Fitsarana Tampony ka hatramin'ny datin'ity fanapahana ity.

Andininy 3: - Lavina ny fangatahana ny fanavaozana ny fahazoan-dàlana hitrandraka atrik'asa Pointel-WLL nomena ny Sosaiety Misahana Varotra sy Indostria (SMVI) araka ny didim-pitondrana laharana faha 8235/96 tamin'ny 8 novambra 1996. Ny fahazoan-dàlana hitrandraka voalaza etsy ambony dia tsy avaozina .

Andininy 4: - Manankery ity fanapahana ity raha vao tapitra ny fe-potoanan' ny fahazoan-dalana amin'ny 8 novambra 2006. Ampahafantarina an'ny Sosaiety Misahana Varotra sy Indostria (SMVI) ity fanapahana ity.

Andininy 5 : Ny Talen'ny tambanjotra sy ny atrikasan'ny OMERT no miandraikitra ny fanatanterahana ity fanapahana ity izay havoaka amin'ny *Gazetim-panjakan'ny Repoblika.*

Antananarivo, faha 02 novambra 2006

Ny Tale Jeneraly

ANDRIANIRINA RAJAONASY Gilbert